
# NY LAKOLOSY

Dô dia F 4/4 *Jimmy Lala*



| 15 | | 16 | | 17 |
|---|---|---|---|---|
| m,m,m : m,f ,m | r ,d ,r : – | : | : | : |
| s,,s,,s, : s,,l,,s, | t, ,l, ,t, : – | : | : | : |
| d ,d ,d : d ,r ,d | r ,m, f : – | : | : | : |
| : | : ,s, | s,,s,,t, : r ,f ,m | r ,d , t, : -,s, ,- | s : |
| 1.Hira-y feoe..... | ran'ny nosy | Famanenoneno ny | lako-lo- | sy ! |
| 2.A-za va- riana fa | ma-na-tona | Ny fana-hi- na-o a- | zahadino- i- | na |
| 3.Fa nye-gi- lizy no | va-va-hadin' | Ny e-toan- ta-nysy | nyanyanko- a- | tra |
| 4.To-kampaneno i- | sa dia isa | Raha tsymi-homanai- | zayno vi- | ta |

**Hiraina farany aorian'ny andininy fahefatra, atao miadana**
**dopo la quatra strofe** **Farany**

| | |
|---|---|
| d , d , d : | m , m , – |
| s,, s, , s, : | d , d , – |
| m, m, f : | s , s , – |
| s,, s,, s, : | d , d , – |
| Ny lako- | lo- sy |

**1.**Rehefa maraina ny Alahady
Mandre lakolosy ny mpianakavy,
Miantso hivavaka sy hivory
Fa handinidinika Baiboly;
Satria ao no misy ny famonjena
Izay sarobidy toa volamena
Kanefa zaraina tsy amidy vola
Fa tena maharitra tsy mba tola;
Ny lakolosy miantso anao
Derao ny Tompo Andriamanitrao;
Hiray feo eran' ny nosy
Fa manenoneno ny lakolosy.

**2.**Hafa faneno mandrotsirotsy
Ny lakolosin' Ambohipotsy;
Mitaona hibebaka moramora
Ny feon-dakolosy eny Alasora;
Manaitra hitady izay marary
Ny lakolosin' Anjanahary.
Dia mifohaza àry ka avia
Hoy ny lakolosin' Ambanidia;
Feo maromaro manoina anao
Hivavaho ny Andriamanitrao;
Aza variana fa manatona
Ny fanahinao aza hadinoina.

**3.**Miantso anao mba handini-tena
Ny lakolosin' Ambanitsena;
Koa aza tsiniavina velively
Ny feon-dakolosin' Analakely;
Miangavy anao tsy hihenahena
Ny lakolosin' Antanimena;
Aza hamavoina àry fa tsiahivo
Ny lakolosin' i Mahazoarivo;
Na misy faty na mariazy,
Ny feon-dakolosy milaza tsotra
Fa ny eglizy no vavahadin'
Ny eto an-tany sy ny any an-koatra.

**4.**Ny lakolosin' i pasitera,
Na koa lakolosin' i mômpera
Milaza fanomanana fanahy;
Vonjeo ny lanitra aza manahy.
Lakolosy voalohany sy faharoa
Dia midika mihomankomana;
Ny fahatelo eo ihany koa;
Rehefa mandroso ny fiangonana
Ny lakolosin' i Paradisa
Maneno tampoka tsy hitahita;
Tokam-paneno: isa dia isa
Raha tsy mihomana izay no vita.
Ny Lakolosy!